



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitany - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-46

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA FANINDROANY  
MOMBA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-005/2019 TAMIN'NY 30  
OKTOBRA 2019 MIKASIKA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-  
PANJAKANA, HO AMIN'NY TAONA 2020**

Fivoriana faha-33  
Natao ny  
Zoma 13Desambra 2019  
- Hariva -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: -RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera  
-MICHELLE Bavy Angelica

**FOTOANA:** Zoma 13 Desambra 2019 tamin'ny 5 ora sy 5 minitra, hariva.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany momba ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020.

Nitohy ny Zoma 13 Desambra 2019 tamin'ny 5 ora sy 5 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena izay notarihan-dRamatoa Filohany.

Rehefa avy niarahaba ny solotenan'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka tonga nivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, Kestora Faharoan'ny Antenimierampirenena.

Rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, izay fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany momba ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020 ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, hamaky ny tatitra momba izany.

Andriamatoa TSARADIA Marco no nanatontosa izany.

Nomarihany fa mitohy ny fandinihana ity volavolan-dalàna ity. Nambarany, fa nolanian'ny Antenimiera tamin'ny endriny nasiam-panovàna izany tamin'ny fandaniana voalohany. Taorian'izay, nalefa tany amin'ny Antenimierandoholona ary izao androany izao no naharaisana ny valiny avy tany aminy.

Toy izao no tatitra taorian'ny asam-baomiera androany ary narahany fanazavana ihany koa izany.

Nivory ny Zoma 13 Desambra 2019, tamin'ny 3 ora sy 40 minitra, tolak'andro, ny Vaomiera mitambatra nahitana ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020, rehefa avy nampandalovina tany amin'ny Antenimierandoholona.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera mitambatra tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. IDEALSON
3. JOHASY RAHARISOA Eléonore
4. TSARADIA Marco
5. RAMBOASALAMA Emilien
6. Jean Michel HENRI
7. RALAMBOZAFIMBOLOLONA R. Fetra
8. RATSIMBAZAFY Alain Jean
9. RABENIRINA Maminiaina
10. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
11. RANDRIAMBOLAINA Gerry
12. RASOLONJATOVO Honoré
13. VONINAHITSY Jean Eugene
14. RAFENOMANANTSOA Aina
15. RASOAZANANERA Marie Monique
16. RABEKIJANA SolofoHery
17. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
18. RAYMOND
19. RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth
20. MOHAMAD Ahmad
21. JEAN FRANCOIS Michel
22. RAKOTOMALALA Miarintsoa

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana tao amin'ny Vaomiera tonga nivory:

Andriamatoa isany,

- 1 TSABOTOKAY Honoré
- 2 RANDRIANANTENAINA Olivier

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

ANDRIANTSOA Heriniaina	MEF/DGI/DLFC
RAHARIMANGA Mbolatiana	MEF/DGI
RAKOTONDRAMANANA Onja Miandry	DLFC
RANDIMBIARISOA Oliva	MEF/DGFAG
RAHARIMANGA Olivier	MEF/DGI
RABENANDRASANA Hery	DGFAG/DB/SSB
RASOLONDRAIBE Mamisoa	MEF/ST/DI
RAMAROSAONA Tantely	DOUANE

Rehefa avy naiarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Vola ny fitenenana namakiany sy nanazavany momba ireo fanitsiana avy tany amin'ny Antenimierandoholona.

Taorian'izany dia niroso avy hatrany tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa, naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Ireto avy ireo fanitsiana miisa 7 avy tany amin'ny Antenimierandoholona, ka nandraisana fanapahan-kevitra tao amin'ny asam-baomiera:

1-Andininy faha-2: nasian'ny Antenimierandoholona fanovàna:

«Article 2. CGI-Annexe-réinsérer l'article 06.01.06.21 page 48: maïs, blé, autres».

Ity zavatra ity dia mikasika ny «taxe» nampidirina tao anaty volavolan-dalàna. Izany hoe, nesorin'ny Antenimierandoholona io «taxe» io.

Mitsipaka ny fanesorana no fanapahan-kevitra noraisin'ny vaomiera. Naverina tamin'ny endriny nandanian'ny Antenimierampirenena azy.

2-Andininy faha-3: nasian'ny Antenimierandoholona fanovàna:

«Article 3. Douanes. Page 83.B-sur les tarifs des Douanes: les droits des Douanes à l'importation des bondillons sont ramenés à un taux de **20%** au titre d'appui à ce secteur».

Notsipahan'ny vaomiera ny fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona, fa naverina tamin'ny endriny nandanian'ny Antenimierampirenena azy.

3-Andininy faha-2: **CGI-pejy 37 CHAPITRE VIII- Paiement de l'Impôt-Acomptes Provisionnels-Article 01.01.15**

Modifier la rédaction du premier alinéa du 4<sup>ème</sup> paragraphe de cet article comme suit:

***«Pour les contribuables immatriculés effectuant des opérations d'importations et / ou d'exportations, il est perçus un acompte provisionnel au taux de 5% appliqué sur la valeur en douanes des biens importés et/ou exportés. Sont exclus du paiement de cet acompte les contribuables»:***

Izany hoe najanona tamin'ny endriny nandanian'ny Antenimierampirenena azy, ho 2% kanefa novainy ho 5%. Notsipahan'ny asam-baomiera izany fanovàna izany, fa averina amin'ny 2% ihany.

4-Andininy faha-6: **TABLEAU DE REPARTITION PAR INSTITUTION ET MINISTERES page 83**

Ahitana ny tetibolan'ny Antenimierandoholona, nampiakarin'ny ho 34 954 900 000.

Notsipahan'ny asam-baomiera izany fampiakarana izany, fa naverina tamin'ny endriny nandaniantsika azy ihany koa.

5-«Créer un deuxième alinéa à l'article 7 page 94:

**Alinéa 2 (nouveau) "Il est constitué une subvention d'un montant de 255,0 Milliards d'ariary au profit de la JIRAMA».**

Mbola notsipahan'ny asam-baomiera ihany koa izany fanovàna izany, fa naverina tamin'ny endriny nandaniantsika azy.

6-«Conformément aux dispositions de l'article 92 alinéa 8 de la Constitution. La proposition d'augmentation de recette ou d'économie équivalente d'un montant de 274,4 Milliards d'Ariary (255 Milliards subvention de la JIRAMA+14,9 Milliards revient au budget du Sénat). Nous proposons que l'augmentation des dépenses soit imputée au compte «provision sur opération d'investissement de 470,8 Milliards d'Ariary du Ministère de l'Economie et des Finances» (Tome 2 document Budgétaire annexe 9, programme d'investissement public, 21 Ministère de l'Economie et des Finances page 3, rubrique 114 gestion du Budget Activité 187 Provision sur opérations d'investissement)».

Marihana fa rehefa misy fampiakarana ny fandaniana novolavolaina hatolotra, mila mifandanja ny tetibola; misy fandaniana ahena. Raha ny hita misy fahabangana 100 Miliara Ariary ity zavatra natolotry ny Antenimierandoholona ity.

Noho izany, notsipahan'ny asam-baomiera ihany koa ity fanovàna laharana faha-6 ity.

7-Andininy faha-2:«CGI-Taxe sur la valeur ajoutée-Produit exonéré-Page 47 art 06.01.06; 13

Supprimer la ligne 27 11 1300 gaz butane»

Raha tany amboalohany, nisy fampihenana-ketra ny resaka "gaz butane", nanapakevitra ny Antenimierandoholona fa tsy hasiana an'izany fampihenana-ketra izany.

Noho izany, notsipahan'ny asam-baomiera ihany koa ny fanovàna nentin'ny Antenimierandoholona.

Rehefa izany, hoentina eto amin'ny fivoriambe ireo fanapahan-kevitra ny asam-baomiera ireo mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nomena fitenenana izay manana fanamarihana momba ny tatitra.

Nanambara, Andriamatoa REMI dit DJAO Jean, fa nanatrika fivoriana izy saingy tsy tafiditra tao ny anarany, ka tokony hampidirina amin'ny fanitsiana.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa GERMAIN, Tale Jeneralin'ny Hetra, naneho fialantsiny avy tamin'ny Minisitry noho ny tsy fahafahany manatrika izao fivoriana izao ary nilaza ihany koa, fa manaja ny fanapahan-kevitra noraisin'ny vaomiera sy izay horaisin'ny Solombavambahoaka amin'izao fandaniana fanindroany ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana izao.

Marihana fa ny Governemanta no nanolotra azy ity, koa na teo aza ny fanovàna nataon'ny Loholona, niverina tamin'ny fomba nitondranay azy ny fanapahan-kevitra tany amin'ny asam-baomiera. Tsy misy teny holazaina intsony fa manaja izay tapaka eto izahay.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny Solombavambahoaka momba ny adihevitra ankapobeny.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, raha nandray fitenenana, nanamarika fa zavatra efa saika niadiana hevitra tato ireo fanovàna nentin'ny Loholona; Andrimpanjakana samy manana ny mahaizy azy isika. Koa aleo isika mitazona ny fanapahan-kevitra efa noraisintsika hatramin'ny voalohany ary mitaona antsika handany izany satria nandaniana fotoana maro ny fandiniana ity volavolan-dalàna mikasika ny tetibola ity.

Nanambara, Andriamatoa DINAH Romual, fa nandritra ny adiny 8 no nandiniana ity volavolan-dalàna ity ary samy namoaka ny heviny daholo, nanapakevitra taorian'izay. Raha izaho manokana, mitaona antsika namana hitazona ny zavatra nanapahana hevitra tao anatin'io fotoana lavabe io satria tsy noliana tamin'izao ity, fa nandaniana rondoha.

Nilaza Andriamatoa Andriamatoa REMI dit DJAO Jean, fa handany an'ity volavolan-dalàna ity no antony ivoriana eto sady mitazona ny hevitra lany tamin'ny voalohany. Mandeha ny fotoana ka aorian'izao fandaniana izao, miangavy mba hasiana "huis clos" satria sao mbola zavatra ilantsika ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta, nanambara Ramatoa Filoha fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Niroso tamin'ny fijerena ny andininy nasian'ny Antenimierandoholona fanovàna tamin'ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019, momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020 ny mpivory taorian'izay.

Nomarihan-dRamatoa Filoha, fa araka ny voalazan'ny andininy faha-137 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fandaniana fanindroany dia miompana tanteraka amin'ireo andininy tsy nampitovy hevitra ny Antenimiera roa tonta ihany ny adihevitra.

Toy izao no fizotry ny fanapahan-kevitra tamin'ireo andininy nasian'ny Antenimierandoholona fanovàna:

**Andininy faha-2:** nasian'ny Antenimieradoholona fanovàna:

«Article 2. CGI-Annexe-réinsérer l'article 06.01.06.21 page 48: maïs, blé, autres».

Tsy noraisin'ny Vaomiera io fanovàna io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-3:** nasian'ny Antenimieradoholona fanovàna :

«Article 3. Douane. Page 83-B sur les tarifs des Douanes: les droits des Douanes à l'importation des bondillons sont ramenés à un taux de 20% au titre d'appui à ce secteur.

Tsy noraisin'ny Vaomiera ihany koa io fanovàna io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-2**, pejy 37 «CHAPITRE VIII- Paiement de l'Impôt-Acomptes Provisionnels- Article 01.01.15

Modifier la rédaction du premier alinéa du 4<sup>ème</sup> paragraphe de cet article comme suit:  
«Pour les contribuables immatriculés effectuant des opérations d'importations et/ou d'exportations, il est perçus un acompte provisionnel au taux de 5% appliqué sur la valeur en douanes des biens importés et/ou exportés. Sont exclus du paiement de cet acompte les contribuables»:

Mbola tsy noraisin'ny Vaomiera koa io fanovàna io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-6:** «TABLEAU DE REPARTITION PAR INSTITUTION ET MINISTERES, page 83»

Tsy noraisin'ny Vaomiera io fanovàna io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nampiana andalana faha-2 ny andininy faha-7 ao amin'ny pejy faha-94:

«Alinéa 2 (nouveau): Il est constitué une subvention d'un montant de 255,0 Milliards d'Ariary au profit de la JIRAMA».

Tsy noraisin'ny Vaomiera io fanovàna io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 89 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

«Conformément aux dispositions de l'article 92 alinéa 8 de la constitution. La proposition d'augmentation de recette ou d'économie équivalente d'un montant de 274,4 Milliards d'Ariary (255 Milliards subvention de la JIRAMA+14,9 Milliards revient au budget du Sénat). Nous proposons que l'augmentation des dépenses soit imputée au compte «provision sur opération d'investissement de 470,8 Milliards d'Ariary du Ministère de l'Economie et des Finances» (Tome 2 document Budgétaire annexe 9 programme d'investissement public, 21 Ministère de l'Economie et des Finances page 3 rubrique 114 gestion du Budget Activité 187 Provision sur opérations d'investissement)».

Tsy noraisin'ny Vaomiera io fanovàna io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 89 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-2:** «CGI-Taxe sur la valeur ajoutée-Produit exonéré-Page 47 art 06.01.06; 13 Supprimer la ligne 27 11 1300 gaz butane»

Tsy noraisin'ny Vaomiera io fanovàna io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 89 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'ny fandraisana fanapahan-kevitra tamin'ireo andininy tsy nitovian-kevitra tamin'ny Antenimiera roa tonta; nambaran-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny amin'ity volavolan-dalàna ity.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 89 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2019, tamin'ny 30 Oktobra 2019, momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020, rehefa nandalo fanindroany teto amin'ny Antenimierampirenena.

Nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, rehefa lany ny volavolan-dalàna; nilaza Andriamatoa GERMAIN, Tale Jeneralin'ny Hetra, fa fisaorana mitafotafo no atolotra ny Antenimierampirenena satria raha ny zava-misy androany, manjaka ny demokrasia eto Madagasikara.

Tsapa fa samy nandinika lalina daholo ny Antenimiera roa tonta ary heverina fa fanapahan-kevitra matotra no noraisinareo teto androany.

Nolanianareo tamin'ny endriny voalohany ity volavolan-dalàna ity, eny na nisy aza ny fanovàna nentin'ny Antenimierandoholona, koa manantitra ny fisaorana ho anareo hatrany.

Rehefa izany, nanamarika Ramatoa Filoha, fa aorian'izao fivoriana izao, hisy ny "huis clos", manarak'izay dia hatao ny lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena.

Efa nisy olona nasaina ary efa tonga ao izy ireo, ka ny famaranana ve no hatao aloha vao ny "huis clos" sa ahoana. Mbola handrasiana fanapahan-kevitra aloha ny momba izay.

Nomena fitenenana ny Solombavambahoaka mikasika izay soso-kevitra izay.

Nilaza, Andriamatoa REMI dit DJAO Jean, fa aleo atao aloha ny famaranana vao miroso amin'ny «huis clos» satria mbola misy zavatra ilantsika ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, azontsika antsoina izy fa eto an-toerana ihany.

Manarak'izay, eo koa ny resaka CLD izay misy olana be satria efa tokony hiasa amin'ny volana ambony io; ao ny raharahan-tokantrantsika tokony halamina, ilaina izy ka sao lasa alina loatra vao miala eto, ka hanenina isika.

Mikasika ny tetibolantsika, tokony hampiana koa satria tsy ampy hiasana izany.



Nanontany, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa amin'ny tsy tokony hampidirana ny «huis clos» amin'izao intsony satria efa antomotra ny fifaranan'ny fivoriana. Azo atao ve ny manao izany rahampitso na amin'ny Alatsinainy.

Marina fa nanasa olona isika, kanefa nihemotra ny fotoana famaranana; azontsika antsoina miaraka ny Minisitry ny Toekarena sy ny Minisitry ny Atitany amin'ny fotoana mahamety izany. Tsy voatery harahina anefa ny hevitra, fa soso-kevitra no aroso.

Raha nomena fitenenana kosa, Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, nanambara fa aleo atao tsangan-tànana izay mahalany hoe: atao izao na amin'ny manaraka, satria mandeha ny fotoana.

Nanamarika, Andriamatoa TSARADIA Marco, tamin'ny fandraisany fitenenana, fa tsy mbola afaka manao lanonam-pamaranana ny Antenimierampirenena satria tsy maintsy averina any amin'ny Antenimierandoholona ny tapaka teto. Izay no lalàna amin'ny zavatra tahaka izao. Raha miroso amin'ny famaranana isika, voatery ho any amin'ny Loholona koa ny Minisitry hanatrika izany. Raha ny marina, tsy mbola tokony hiroso amin'ny famaranana isika.

Nilaza ny Solombavambahoaka DARKHAOUI Siritis, fa miombon-kevitra amin'ny teny nataon'Andriamatoa REMI dit DJAO Jean teo amin'ny tokony hanaovana ny "huis clos" izay vao mifarana ny fivoriana.

Izaho kosa hoy Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, raha nomena fitenenana, nanambara fa miombon-kevitra amin'ny voalazan'Andriamatoa TSARADIA Marco, satria minadry ny zavatra avy aty amintsika ny Loholona raha ny marina ary rehefa miverina avy any indray vao manapaka farany isika ary aorian'izay no manao ny famaranana ny fivoriana. Aleo alefa any amin'ny Loholona ity, avy eo isika manao "huis clos"; izay no fijeriko azy.

Taorian'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka, nanambara Ramatoa Filoha, fa handray fanapahan-kevitra momba izay ny fivoriambe.

Araka ny voalazan'ny Mpampakatenin'ny Vaomiera teo anefa, mbola halefa any amin'ny Antenimierandoholona ity ary miverina eto indray, izay vao anaovana famakiana fanintelony.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 48 no nanaiky fa hatao aloha ny "huis clos" vao miroso amin'ny famaranana.

Solombavambahoaka miisa 3 no nanaiky fa hatao aorian'ny famaranana ny "huis clos" ary Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha avy hatrany, fa hiroso amin'ny "huis clos" ny Solombavambahoaka.

Niato tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivoriana rehefa nilaza, Ramatoa Filoha, fa hakatona ho an'ny Solombavambahoaka irery ny efitrano fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona